# FANATSAHARANA VOHOKA AMIN'NY FANAFODY

## AMIN'NY FANAFODY MISOPROSTOL

## NY FAHOMBIAZAN'NY FANAFODY

Vehivavy 9 amin'ny 10 nampitsahatra vohoka tamin'ny misoprostol no nahita fahombiazana.

## INONA NO TOKONY ATAO RAHA TSY NAHOMBY NY FAMPITSAHARANA VOHOKA ?

- Azo averina ny fihinanana ilay fanafody, na afaka atao "aspiration".
- Ambany ny taha mety hisian'ny fahasamponana hoan' ilay zaza raha mitohy ny vohoka tao aorinan'ny nihinanana ilay fanafody

## NAHOMBY VE NY FAMPITSAHARAKO VOHOKA NATAOKO?

Na dia mahatsapa aza ilay vehivavy fa tsy mitondra vohoka intsony izy, dia zava-dehibe ny manamarina fa nahomby ny fampitsaharana vohoka. Tokony hanao **échographie** aorian'ny fampitsaharana vohoka amin'ny fanafody, na hanao **fitsapana fitondrana vohoka 3** hatramin'ny 4 herinandro aorian'ny fampitsaharana vohoka.

Raha tsy mivoa-drà ilay vehivavy, na mivoa-drà kely (latsaky ny fivoahan-drà rehefa tonga fadimbolana ary tsy misy sombintsombiny) na mbola manana soritry ny fitondrana vohoka na efa nampiasa fanafody aza izy, dia azo **inoana fa mbola** bevohoka izy. Tokony hanao **échographie haingana araka izay azo atao** izy mba hijerena raha mbola mitohy ny fitondrana vohoka na tsia. Raha tsy afaka manao ireo, dia afaka **mampiasa ny fanafody indray izy**.

## AORIAN'NY FAMPITSAHARANA VOHOKA

- Mety mbola mitete rà kelikely ny vehivahy mandritra ny 1–3 herinandro. Miovaova izy io isaky ny vehivavy.
- Aza mampiditra na inona na inona amin'ny fivaviana (tampon), aza mandro, na manao firaisana ara-nofo mandra-pijanona ny rà be (eo ho eo amin'ny 2 andro ao aorian'ny fampitsaharana vohoka)
- Mety bevohoka avy hatrany indray ny vehivavy iray aorinan'ny fampitsaharana vohoka. Mba tsy hisian'ny vohoka tsy irina dia **mampiasà fanabeazanaizana tsara.**

## FAMPAHAFANTARANA NY FIKAMBANANA

Women HelpWomen
WEB: HTTPS://WOMENHELP.ORG/
EMAIL: INFO@WOMENHELP.ORG
TWITTER: @WOMENHELPORG
FACEBOOK: WOMENHELPWOMENINTERNATIONAL

MAMA Network: Mobilizing Activists around Medical Abortion (MAMA).
WEB: WWW.MAMANETWORK.ORG



## MISOPROSTOL? INONA MOA IZANY?

Fanafody ampiasaina eran-tany hanatanterahana fampitsaharana vohoka azo antoka sy fitsaboana aretim-bavony (ulcère gastrique). Amidy eny amin'ny fivarotam-panafody amin'ny anarana ara-barotra toy ny hoe: Cytotec, Isovent, Misoclear, MisoFem, Cyrux na Tomisprал. Any amin'ny ankamaroan'ny firenena afrikanina, voasoratra ara-panjakana izy io amin'ny maha-fanafody fisorohana sy fitsaboana ny rà mivoaka be loatra aorian'ny fiterahana (Hémorragie Post-Partum).

women help women

## MISOPROSTOL, INONA NO AMPISAINA AZY?

Fampitsaharana vohoka azo antoka. Fitsaboana aorian’ny fampitsaharana vohoka na aorian’ny vohoka tsy tanteraka (entina handraisana antanana ireo tranga ao aorian’ny fampitsaharana vohoka tsy tanteraka). Fisorohana sy fitsaboana ny rà be loatra aorian’ny fiterahana. Fitsaboana aretim-bavony.

## AHOANA NO FIASANY?

Ny Misoprostol dia mampihetsika mafy ny tranon-jaza, manalefaka sy manokatra ny vozon’ny tranon-jaza, ka mitarika ireo soritra fahita mitovy amin’ny fiterahana tsy tanteraka.

## HAFIRIANA NO AZO AMPIASAINA AZY AMIN’NY FAMPITSAHARANA VOHOKA AZO ANTOKA?

Ho an’ny vohoka 12 herinandro voalohany amin’ny fitondrana vohoka (manomboka amin’ny andro voalohan’ny fadimbolana farany).

## AHOANA NY FOMBA FAMPISANA NY MISOPROSTOL AMIN’NY FAMPITSAHARANA VOHOKA AZO ANTOKA?

**Mila misoprostol miisa 12 ny vehivavy iray: misoprostol 4 isa hohanina isaky ny adiny 3.** (3h)

Apetraka ao ambany lela mandritran’ny 30 minitra ny misoprostol miisa 4 (30 min) — Avela ho levona fa tsy atelina

Afaka adiny telo, apetraka ao ambany lela mandritra ny 30 minitra ny misoprostol miisa 4 manaraka (+3h, 30 min) — Avela ho levona fa tsy atelina

Afaka adiny telo, apetraka ao ambany lela mandritra ny 30 minitra ny misoprostol miisa 4 farany (+3h, 30 min) — Avela ho levona fa tsy atelina

**Raha tsy tanteraka ny fampitsaharana vohoka taorian’ny adiny 3 nihinanana voalohany, dia azo averina indray isaky ny 3 ora mandra-pivoahan’ilay vohoka.**

## INONA NO HITRANGA REHEFA AVY NIHINANA MISOPROSTOL?

| | | |
|---|---|---|
| Fanaintainana sy rà mivoaka betsaka kokoa noho ny fadimbolana mahazatra | **Amin’ny 80%-n’ny tranga misy dia mivoaka ao anatin’ny 24 ora ny vohoka.** (24h) | Raha efa naharitra ilay vohoka dia matetika betsaka kokoa ny rà mivoaka |

Afaka mihinana fanafody fanalana fanaintainana alohan’ny hampiasana ilay misoprostol 4 voalohany . Ny ibuprofène no tena mahomby. Afaka ampina paracétamol/acétaminophène.



## VOKANY METY HITRANGA

Ao anatin’ny 24 ora avy nihinana ireo fanafody fampitsaharana vohoka dia mety hitranga ireto: (24h)

- Maloiloy
- mandoa
- aretin’andoha
- sy/na fanina
- fivalanana
- tazo (38°C)

Ireo dia tsy mampidi-doza ary matetika afaka ao anatin’ny ora vitsy.

## INONA AVY IREO FAMANTARANA FA MISY NY OLANA?

- Rà be loatra (2-3 servieta feno rà ao anatin’ny ora 1 mandritra ny ora 2 na 3 ora misesy) (2h)
- Tazo mihoatra ny 39° na 38° maharitra mihoatra ny 24 ora (39°, 24h)
- Fanaintainana mafy mbola mitohy andro maromaro ao aorinan’ny fampitsaharana vohoka ary tsy mihena na dia efa mihinana fanafody fanalana fanaintainana aza
- Fivoahana tsiranoka tsy mahazatra sy maimbo avy ao amin’ny fivaviananiabibeha kutsibu

## INONA NO ATAO RAHA MISEHO IREO OLANA IREO?

**Mankanesa haingana any amin’ny toeram-pitsaboana**

Raha mila fitsaboana ny vehivavy iray, dia voatery mandray antanana azy ireo mpiasan’ny fahasalamana. Ny fanafody fampiasa amin’ny fandraisana an-tanana ny fampitsaharana vohoka dia mitovy tanteraka amin’ny fitsaboana ny vehivavy afa-jaza.

Tsy misy maha samihafa ny vehivavy afa-jaza sy ny fampitsaharana vohoka atao tamin’ny alalan’ny misoprostol. Afaka milaza amin’ny mpitsabo fa afa-jaza ny vehivavy iray.